FIANGONANA KATOLIKA MALAGASY ETO PARIS SY MANODIDINA
FKMP

Chapelle Saint Paul
171, Boulevard Brune
75 014 PARIS

JMJ MADRID 2011
ZAIKABEN'NY TANORA 2011 BORDEAUX

HAFATRA

Miala tsiny indrindra fa izahay ray man-dreninareo sy zokinareo ara-pitantanana ara-panahy eto amin'ny FKMP dia tsy afaka manatrika sy manotrona ny fiainganareo hamonjy ny Zaikaben'ny Tanora any Bordeaux sy ny JMJ any Madrid satria tsy eto an-toerana.

Koa amin'ny anaran'ny Momperantsika, ny Birao sy ny Filan-kevitra Pastôraly no hanehoanay anareo tanora eto amin'ny FKMP fiombonam-panahy amam-bavaka, ary firaisam-po sy saina. Mametraka hafatra izahay, maniry dia maniry mba hamàka tsara ao amin'ny fiainanareo i Kristy Finoantsika, araka ny lohahevitra hanentanana any amin'ny JMJ. Ohatra velona ho antsika Ilay Teny tonga Nofo. Koa hamàka tsara ao amin'izany finoana izany ianareo tanora amin'izao Zaikabe ato any Bordeaux sy JMJ any Madrid izao.

Manentana ao am-pontsika tsirairay avy ny finoana hihaona amin'i Kristy, satria izany rahateo no imatimatesantsika, araka ny tenin'i Md Paoly Apôstôly hoe : « ***Satria raha ny amiko dia i Kristy no ahavelomako, ary ny fahafatesana no ahazoako tombony*** » Filipianina 1, 21. Koa vao mainka ianareo ho resy lahatra rahefa tafaverina eto amin'ny FKMP, ka hirotsaka bebe kokoa amin'ny asa pastôraly, indrindra eo anivon'ireo tanora tahaka anareo.

Mahavità be ary mahaiza manararaotra mifampizara traikefa amin'izao fihaonambe izao.

Mitsodrano anareo ny Mompera Aumônier-ntsika.
Mahaleova, mahalasana

Ho tsara mandroso, tsara miverina . Bon voyage ! Bon vent !

Paris, androany 12 Aogositra 2011
Amin'ny anaran'ny Aumônier-ntsika
Ny Birao

Ny Filan-kevitra Pastôraly

ELIASY Liva
Filohan'ny FKMP